

## **TORITENY : Sabata 05 Desambra 2015 – SABATAN’NY FIPIKRI**

### **ANTSO HO AMIN’NY FANANANA FAHASAHIANA**

#### **FAMPIDIRANA**

Mahatalanjona antsika ny olona izay manana fahasahiana na eo amin’ny sehatry ny fanatanjahan-tena izany na eo amin’ny fainana amin’ny ankapobeny. Ny fananana fahasahiana dia ny finiavan’ny olona iray mandray “risque,” mahatoky ny tenany ary manana risi-po. Tamin’ny volana Mey 2015, dia nankalazain’ny fikambanana mpikarakara fanatanjahan-tena eo anivon’ny fiaraha-monina sy ny maro hafa i Gift Kelehe (atleta mpihazakazaka). Izy no nahazo ny laharana voalohany tamin’ny andiany faha-90 tamin’ilay fifaninana hazakazaka lavitra ezaka (Marathon) lehibe indrindra manerana izao tontolo izao “Comrades Marathon.” Vitany tao anatin’ny 5 ora sy 38 minitra ny halaviran-dalana 87,7 km, manelanelana an’i Pietermaritzburg sy i Durban, tany Afrika Atsimo. Mihoatra ny fahafaha-manaony ny zava-bitany; tamin’izany no nanaporofoany ny fananany fahasahiana ary dia nahazo tehaka mirefodrefotra avy tamin’ny olona izy noho izany.

Efa nandre ny amin’i Victoria Soto, ilay mpampianatra vao 27 taona monja tany Connecticut, Etazonia, ve ianareo? Maty novonoin’ilay mpamono olona, Adam Lanza, tamin’ny basy izy ny 14 Desambra 2012. Raha iny niditra tao amin’ny kilasiny iny i Adam Lanza, dia nasainy nihazakazaka nankany amin’ny toeram-pivoahana ny mpianany rehetra, fa izy kosa dia niantoraka teny amin’ilay mpamono olona. Nataony sorona ny tenany mba hamonjeny ireo mpianany. Tonga olo-malaza izy noho izany. Notsarovana izy noho ny fananany fahasahiana.

Ny kristianina ihany koa dia antsoina mba hanana fahasahiana. “Aza matahotra ianao, fa momba anao Aho; ary aza miherikerika foana, fa Izaho no Andriamanitao;...” Isa. 41:10. “Mahereza sy matanjaha.” Josoa 1:6. Amin’ny fomba manao ahoana no ahatonga ny olona tsotra ho tonga lehilahy sy vehivavin’ny finoana manana fahasahiana ? Amin’ny fomba ahoana no hahatonga antsika hanana fahasahiana eo amin’ny fitenenana sy ny fanomezana ?

Ny toko faha-4 amin’ny bokin’ny Asan’ny Apostoly no andeha avelantsika hitarika antsika mba hahatongavantsika amin’izany.

#### **Fizarana voalohany: Fihetsika maneho fananana fahasahiana**

Manome porofo mikasika ny fananana fahasahiana ny Asan’ny Apostoly toko fahafatra. Toy izao no famintinan’ny Asa. 4:2 izay nitranga tamin’i Jaona sy i Petera: “fa sosotra izy noho ny nampianaran’ny Apostoly ny vahoaka sy ny nitoriany tamin’ny alalan’i Jesosy ny fitsanganana amin’ny maty.”

Io fehezanteny fohy io dia mampiseho endrika telo isehoan’ny fananana

fahasahiana:

- Voalohany, lehilahy tsy dia nahita fianarana firy izy ireo sady tsy nianatra tany amin'ny sekolin'ny raby, na Seminera na Oniversite amin'izao vanim-potoana iainantsika izao. Voalaza eto anefa fa nampianatra ny vahoaka izy ireo.
- Faharoa, ny zavatra nampianarin'izy ireo dia mikasika ny lehilahy iray izay voaheloka ary maty tahaka ny jiolahy rain-dahiny.
- Fahatelo, nitory ny amin'hy fitsanganana amin'ny maty amin'ny alalan'i Jesosy izy ireo, kanefa ny ankamaroan'ny olona tamin'izany fotoana izany, indrindra fa ny Sadoseo dia tsy nino ny fitsanganana amin'ny maty.

Tsy maintsy manana fahasahiana vao afaka manao toy izany!

Vao maika nihanitombo ny fahasahian'ireo mpianatra anankiroa ireo teo anatrehan'ny toe-javatra izay niteraka fahaikana goavana. Fotoana fohy taorian'izay dia voasambotra izy ireo. Tsy maintsy niatrika "ny mpanapaka sy ny loholona ary ny mpanora-dalàna" izy ireo (and. 5). Ireo vondron'olona ireo mantsy dia manana fahefana hampamono sady tsy voatery hanaporofy ny fankahalany an'i Jesosy izy ireo.

Mety mampihoron-koditra ny maro ny vondron'olona toy izany, kanefa tsy naharaiki-tahotra azy mirahalahy izany. Henoy anie ny tenin'i Petera, mpitonandra tenin'izy ireo: Toy izao ny voalaza ao amin'ny Asa. 4:8-10, "Ary Petera, feno ny Fanahy Masina, dia nanao taminy hoe: Ry mpanapaka ny vahoaka sy loholona, raha adinina izahay anio ny amin' ny asa tsara natao tamin' ny nahasitranana ilay lehilahy malemy, dia aoka ho fantatrareo rehetra sy ny olona Isiraely rehetra fa ny anaran' i Jesosy Kristy avy any Nazareta, Izay nohomboanareo tamin' ny hazo fijaliana, fa natsangan' Andriamanitra tamin' ny maty kosa, dia Izy no itsanganan' io lehilahy io finaritra eto imasonareo." Voasambotra izy ireo kanefa tsy nampiverin-dalana azy ireo izany, nitovy tamin'ny fahasahiana nananan'izy ireo tamin'ny nanambarany an'i Jesosy ny fahasahiana nasehon'izy ireo tamin'izany.

Rehefa avy nidinika ny mpitsara dia nandrara azy ireo "tsy hiteny na hampianatra ny amin'i Jesosy intsony." Afaka madiodio izy ireo teto, tsy nigadra na niharan'ny famaizana ho faty. Tsy nahazo afa-tsysty fampitandremana anefa izy ireo. Moa ve izany nampihena ny fananana fahasahiana nananan'izy ireo? Henoy anie ny valinteny nomen'izy ireo, samy niteny izy mirahalahy teto : "Fa Petera sy Jaona kosa namaly azy ka nanao hoe: Tsaraonareo na marina eo imason' Andriamanitra, na tsia, ny hanaiky anareo mihoatra noho Andriamanitra. Fa izahay tsy maintsy milaza izay zavatra efa hitanay sy renay." Asa. 4:19-20.

Tahaka ny karbôna (carbone) izay tonga diamondra rehefa iharan'ny tsindry, dia tahaka izany koa ny fahasahiana nananan'ireto mpianatra ireto rehefa nandalo fitsapana.

Ity Asan'ny Apostoly toko faha-efatra ity dia miresaka ihany koa ny fahasahiana nananan'ireo kristianina voalohany mikasika ny lafin-javatra hafa

teo amin'ny fiainan'izy ireo. Ireto teny manaraka ireto dia mamaritra ny fomba fanaon'ireo mpino tamin'ny Fiangonana voalohany.

#### **Asa. 4:32**

“Ary niray fo sy fanahy ny olona rehetra izay nino; ary tsy nisy nanonona ny fananany ho azy na dia iray aza, fa niombonany avokoa ny zavatra rehetra nananany.”

#### **Asa. 4: 34-35**

“Fa tsy nisy olona nalahelo teo aminy; fa izay nanana tany na trano, raha nivarotra izany, dia nitondra ny vola vidin'ny zavatra lafo, ka napetrany teo anoloan'ny tongotry ny Apostoly, dia nozaraina tamin'izy rehetra araka izay nilainy avy.”

Mila manana fahasahiana ihany koa eo amin'ny fahalalahantana. Tsy natahotra nanome sy nizara izy ireo. Io andininy io dia tsy milaza fa nanome izay rehetra nananany izy ireo; raha tsy izany dia mety ho tonga mpangataka indray izy ireo. Tsy nivarotra na oviana na oviana ny tranony rehetra ihany koa izy ireo; raha tsy izany dia mety ho tsy nanana trano fialofana indray izy ireo. “Andriamanitra akory tsy mitaky amintsika mba hanolorantsika ny zavatra rehetra izay tena mahasoa sy ilantsika ny fitazonana azy ireny.”

(Steps to Christ, Chap. 5). Na dia izany aza anefa, dia nanana tombam-bidy ambony ny zavatra rehetra izay nomen'izy ireo. Narahina fandavan-tena ny fanomezana nataon'izy ireo. Hita tamin'izany fa nanana fahasahiana izy ireo teo amin'ny teniny sy ny asam-pitiavana izay nataony!

Toy izao manaraka izao ny nambaran'i E. G. White mikasika ny fahazaran'izy ireo nanome: “Ny fahasahiana sy ny toe-tsaina feno fandavan-tena nananan'izy ireo dia nampiavaka ireo mpamaky lay teo amin'ny tantaran'ny Fiangonana Advantista mitandrina ny Andro fahafito. Manamafy izany ny tantaran'ny fanotam-pirinty advantista voalohany. Nisy fivoriam-be natao tany New York tamin'ny 12-15 Marsa 1852. Ny tanjona lehibe nokendrena tamin'izany dia ny mba hahatonga ny rehetra hiombona amin'ny fahamarinana iray. Nanatrika izany i Hiram Edson. Anisan'ny nandray anjara tamin'izany ihany koa i Joseph Bates, i James sy i Ellen White. Niompana tamin'ny fanontana pejy voasoratra ny dinidinika tamin'ny 12 Marsa 1852. Tapaka tamin'izany fa hividy fitaovana fanotam-pirinty ary hatsangana any Rochester ny trano fanotam-pirinty izay tokony hamoahana ireo boky amangazety isan-karazany. Tena fanapahan-kevitra goavana tokoa no noraisin' ireto mpino izay nahitana vondron'olona vitsy an'isa kanefa kely ny ho entimanana teo am-pelatanan'izy ireo. Toy izao ny fanambarana nataon'i Edson: “Tsy isalasalana fa hahazo fanotam-pirinty mandeha amin'ny herinaratra isika fa tsy irony ampandehanina amin'ny tanana irony; mety ho roa izany na ho telo.” Tian'i Edson raha toa ka ny tenany mihitsy no hividy ny fanotam-pirinty voalohany: namidiny ny toeram-pambolena sy fiompiana nananany tany Port Gibson ary nanao “avance” 650 dôlara (2.350.000 ariary tamin'izany fotoana izany) izy mba hividianana ilay fanotam-pirinty. Averina aminy tsikelikely izany vola izany arakaraka ny fahatongavan'ny fanomezana avy any amin'ny mpino sasany. Nanana vina i Hiram Edson. Tena zavatra lehibe tokoa no

noeritreretiny sady izay izy mbola vonona handray anjara mivantana amin'ilay vahaolana avy amin' Andriamanitra.

### **Fizarana faharoa: Ny antony mahatonga ny fananana fahasahiana**

Inona avy ireo antony mahatonga ny vahoakan'Andriamanitra hanana fahasahiana? Inona avy ireo singa mahatonga ny vahoakan'Andriamanitra hanana fahasahiana eo amin'ny fitenenana sy ny fanomezana? Ny Asan'ny Apostoly toko faha-efatra dia manampy antsika amin'ny fampahafantarana ireo antony izay nahatonga an'i Petera sy i Jaona ary ny fiangonana voalohany nanana fahasahiana.

#### **1) Nanaiky ny fahambonian'Andriamanitra izy ireo.**

Ny ambahany amin'ny vavaka nataon'ny fiangonana voalohany dia manome antsika ny antony voalohany nahatonga azy ireo nanana fahasahiana teo amin'ny fitenenana sy ny fanomezana. Toy izao no voalaza ao amin'ny Asa. 4:24, "Fa rehefa nahare izany izy ireo, dia niara-nanandratra ny feony ho amin'Andriamanitra ka nanao hoe: Tompo ô, Hianao no nanao ny lanitra sy ny tany ary ny ranomasina mbamin'izay rehetra ao anatinhy" Izany teny izany, ho azy ireo, dia mivoy ny hevitra fa Andriamanitra dia manana ny hery rehetra sady manana fahefana amin'ny zavatra rehetra. Tsy misy na inona na inona mitranga raha tsy efa nahazo ny fankatoavany. Izy no mifehy ny zavatra rehetra sy ny fainantsika koa. Ny fananana izany faharesen-dahatra izany dia manala ny tahotra sy miteraka fahasahiana.

Ny fahambonian'Andriamanitra koa dia midika fa Izy dia Mpamorona sy Tompon'ny lanitra sy ny tany. Azy avokoa ny zavatra rehetra ary Izy ihany no manome antsika ny zavatra rehetra izay eo am-pelatanantsika. Ny fananana izany finoana izany dia mahatonga antsika hanome malalaka sy amimpahalalahantana. Toy izao no fitantaran'i Davida Mpanjaka ny fanandramana niainany: "Fa zinona moa aho, ary zinona moa ny oloko, no ahazoanay hery hanatitra toy izao? Fa avy aminao ny zavatra rehetra, ary avy tamin'ny Anao ihany no nanomezanay Anao." 1 Tantara 29:14.

Ny fanekentsika ny fahambonian'Andriamanitra no mahatonga antsika hanana fahasahiana eo amin'ny fitenenana sy ny fanomezana.

#### **2) Niaraka tamin'i Jesosy izy ireo.**

Ny Asa. 4:13 no manome ny singa faharoa izay nahatonga azy ireo nanana fahasahiana: "Ary nony nahita ny fahasahisahian'i Petera sy i Jaona izy, sady nahalala fa tsy mba mpahay lalàna na nampianarina izy roa lahy, dia gaga izy; ary fantany tsara fa efa niaraka tamin'i Jesosy izy roa lahy." Asa. 4:13. Rehefa avy niaraka tamin'i Jesosy ianao, dia efa nanandrana ny amin'ny fitiavana lalina, ny hery manosika lehibe indrindra hiatrehanao ny toe-javatra mitranga rehetra. Rehefa avy niaraka tamin'i Jesosy ianao dia tonga manana ny fahasahiana nananany, "nanetry tena Izy ka nanaiky hatramin'ny fahafatesana, dia ilay fahafatesana tamin'ny hazo fijaliana." Fil. 2:8. Miforona amin'ny alalan'ny fitoerana ao amin'i Jesosy ny fananana fahasahiana. Paoly

dia nanambara mazava tsara ny loharanon'ny fananana fahasahiana ao amin'ny Efes. 3:12, "Izay ananantsika fahasahiana sy fanatonana amin'ny fahatokiana noho ny finoana Azy." Ny fanakaikezana, ny fananana fifandraisana sy ny fanaovana fanekena amin'i Jesosy dia mahatonga ny olona tsotra iray ho tonga tsangambaton'ny fananana fahasahiana.

### **3) Nivavaka mba hanana fahasahiana izy ireo.**

Tamin'ny vavaka nataon'ny fiangonana voalohany, dia nisy fangatahana mazava tsara nataon'izy ireo; "Koa ankehitriny, Tompo ô, jereo ny fandrahonany; ary omeo anay mpanomponao ny mba hitory ny teninao amin'ny fahasahiana rehetra." Asa. 4:29. Nangataka ny "fahasahiana rehetra" izy ireo. Ny tohin'ny lahatsoratra dia milaza amintsika fa novalian' Andriamanitra tamin'ny fomba manokana ny vavaka nataon'izy ireo. "Ary rehefa nivavaka izy, dia nihovitrovitra ny trano izay niangonany; dia feno ny Fanahy Masina izy rehetra ka nitory ny tenin'Andriamanitra tamin'ny fahasahiana." Asa. 4:31. Ny vavaka fangatahana fahasahiana dia nivaly tamin'ny alalan'ny fandrotsahana ny Fanahy Masina. Ao amin'ny 2 Tim. 1:7 dia miresaka ny amin'ny Fanahy Masina i Paoly, "Fa tsy nomen'Andriamanitra fanahy osa isika, fa fanahy mahery sy fitiavana ary fahononan-tena." Ao amin' ny Asa. 2, tamin'ny andro Pentekosta, dia nandray ny Fanahy Masina ireo mpino. Mitantara ny vokatry ny firotsahan'ny Fanahy Masina ny Asa. 2:45, "ary namidiny ny taniny sy ny fananany ka nozarinay tamin'izy rehetra araka izay nilainy avy." Fananana fahasahiana teo amin'ny fanomezana! Ny fivavahana, ny fangatahana ny Fanahy Masina dia mahatonga antsika hanana fahasahiana eo amin'ny fanomezana; afaka manala ny fahamenarantsika mba hanohanantsika ny asan'Andriamanitra izany.

### **4) Nanana fahalalana feno ireo faminaniana ao amin'ny Baiboly izy ireo**

Rehefa mamaky ny vavaka nataon'ny fiangonana voalohany ao amin'ny Asa. 4: 25 isika, dia mahita ny singa faha-efatra izay mahatonga ny fananana fahasahiana, "ary ny Fanahy Masina no nampitenenanao an'i Davida razanay sady mpanomponao hoe: Nahoana no mitabataba ny jentilisa, ary misaina anoano foana ny firenena?" Eto, dia mampiassa ny tenin'ny Soratra Masina izy ireo, mikasika indrindra ny faminaniana momba ny Mesia izany. Manaporofa izany fa izy ireo dia nifankazatra tamin'ny tenin'Andriamanitra sy ireo faminaniana voalaza ao amin'ny Baiboly. Ny fahalalana ireo faminaniana ao amin'ny Baiboly dia manampy ny mpino mba hihevitra ireo zavatra mitranga eo amin'ny fiaianany andavandro amin'ny fomba mivelatra kokoa. Araka ny voalazan'i Paoly, dia miteraka fananana fahasahiana eo amin'ny zavatra arapanahy izany. "Koa amin'izany, satria manana izany fanantenana izany izahay, dia sahy tokoa," 2 Kor. 3:12. Izao no voasoratra ao amin'ny 2 Pet. 3:10, "ho avy tahaka ny mpangalatra ny andron'ny Tompo, ary amin'izany ny lanitra dia ho lasa amin'ny firimorimoana mafy, ary ho levon'ny afo ny tenan'ny zavatra rehetra, ka hodorana avokoa ny tany sy izay rehetra eo aminy." Ny fahafantarantsika izany ve tsy hahatonga antsika hangilan-tsofina amin'ireo teny nambaran'i Jesosy? Hoy Izy: "Aza mihary harena ho anareo

eto an-tany, izay misy kalalao sy harafesina manimba, sady misy mpangalatra manami-trano sy mangalatra. Fa miharia harena ho anareo any an-danitra, izay tsy misy kalalao na harafesina manimba, sady tsy misy mpangalatra manami-trano na mangalatra. Fa izay itoeran'ny harenao, dia ho any koa ny fonao.” Mat. 6:19-21.

Ny fananana fahasahiana dia vokatry ny fahalalana sy ny fifikirana amin'ireo faminaniana ao amin'ny Baiboly.

### **Fizarana fahatelo: Ireo vokatry ny fananana fahasahiana**

Manelingelina ny vahoaka ny fananana fahasahiana. Tsy misy olona izay tsy maneho fihetsika manoloana ny fananana fahasahiana, na izy midera izany na izy manameloka izany. Rehefa misafidy ny hananana fahasahiana ianao, dia misy fihetsika asetrin'ny olona izay zavatra ataonao sy izay momba anao. Henoy indray anie izay zavatra nitranga tamin'i Petera sy i Jaona: “fa sosotra izy noho ny nampianaran'ny apostoly ny vahoaka sy ny nitoriany tamin'ny alalan'i Jesosy ny fitsanganana amin'ny maty. Dia nisambotra azy izy ka nanao azy tao an-tranomaizina ambara-pahamarain'ny andro;” Asa. 4:2-3a. Raha misafidy ny hanana fahasahiana ianao amin'ny maha-kristianina anao, dia aza manantena fa hihoby anao ny olona rehetra.

Misy vokatra tsara ihany koa anefa ateraky ny fananana fahasahiana: “Kanefa maro tamin'izay nandre ny teny no nino, ka dia tonga tokony ho dimy arivo no isan'ny lehilahy.” Asa. 4:4. Ny fihitaran'ny fanjakan'Andriamanitra no vokatra mivantana azo avy amin'ny fananana fahasahiana. Rehefa ampian'ny fananana fahasahiana amin'ny fitenenana ny fananana fahasahiana manome, dia miteraka hery goavana izany, “Ary tamin'ny hery be no nanambaran'ny Apostoly ny nitsanganan'i Jesosy Tompo; ary fahasoavana be no tao amin'izy rehetra.” Asa. 4:33.

### **Famaranana**

Lehilahy sy vehivavy tsotra tamin'ny taranaka teo aloha no notsaroana noho ny fananan'izy ireo fahasahiana. Ny fananana fahasahiana dia vokatry ny fanekena isan'andro ny fahambonian'Andriamanitra, ny fitoerana mandrakariva eo amin'i Jesosy, ny fananana fiainam-bavaka mafana, ary ny fandalinana sy fandinihin-tena avy amin'ny asa-soratr'ireo mpaminany. Raha te-hampisy fahasamihafana mikasika ny fanjakan'Andriamanitra ny fiangonana amin'izao taranaka ankehitriny izao, dia ilaina ny hananan'izy ireo fahasahiana bebe kokoa eo amin'ny fijoroana ho vavolombelona sy ny fanomezana. Androany ary, dia antsoina ny vahoakan'Andriamanitra mba haneho fahasahiana bebe kokoa! Ho anao manokana, inona moa no dikan'ny hoe manana fahasahiana eo amin'ny fitenenana sy ny fanomezana androany? Ny dikan'izany dia izao:

- Mijoro ho vavolombelona ny amin'ny finoanao amin'ny toe-javatra rehetra azo anaovana izany.
- Manokana ampahany amin'io fotoanao efa tery io mba hampianarana Baiboly amin'ny hafa.
- Mamerina ny ampahafolon'Andriamanitra amin'ny fomba mitohy sy matotra.

- Manome fanomezana manokana ho an'ny olona na entina hanohanana tetik'asa iray.
- Mampitombo ny fanatitra fanomenao mahazatra.

Inona no iantsoan'Andriamanitra anao mba hataonao? Miantso anao Izy mba haneho fahasahiana bebe kokoa, iza no manana izany fahasahiana izany ka hamaly ny antsony?

Vavaka ho an'ny fanoloran-tenan'ny tsirairay ataon'ny loholona na ny pasitora.